

8 Alarobia 3 mey 2017 — Dokambarotra — TARATRA

FOTOAM-BITA AMIN'NY FILOHAM-PIRENENA

Hery Rajaonarimampianina

SARO-PANTARINA HO AN'IREO TSY MAHALALA AZY LOATRA

Tsy mety mipaka eny amin'ny malagasy tsirairay ny fomba fiasan'ny filoha hery rajaonarimampianina, telo taona taty aorian'ny niakarany teo amin'ny fitondrana. maro anefa ny famantarana nalefany sy hafatra nampitainy, noentiny niavahana tamin'ireo filoha rehetra nifandimby teto amin'ny firenena.

FANANTENANA

VAHAOLANA MAHARITRA

**PEJY DOKAMBAROTRA REHEFA TSY NAHOMBY NY *"ADY GASY"* TAO AMIN'NY TVM. NY IRAY MIGADRA SATRIA NANGALATRA (Nivo Ratiarison izay mitsosotra any amina hopitaly iray); NY FAHAROA VOADAKA (ny minisitra Vonison Andrianjato). Aman'hetsiny ariary ny vola lany tamin'io pejy iray miloko io. Maty ny asan-gazety fa izay tiany ambara no amenoany io pejy io satria nialàna vola. Ary tsy gazety iray na roa… Hatramin'ny oviana? Ato aminy madagate.org aloha maimaim-poana e!**



**Niavaka tokoa aloha io olona manao solomaso fotsy io e. Fa inona tokoa moa ny vitany raha oharina an-dry Tsiranana, Ratsiraka, Zafy sy Ravalomanana? EPP, tranom-boky sy paompin-drano. Ny sisa, zavatra notokana nefa tsy vita hatramin'ny farany akory. Ary dia mihevitra ny hilatsaka hanao *"mandat"* faharoa indray, *"hamita ny tsy vita"*. Tantara efa**

**hita sy niainana izany, ary ratsy foana ny fiafarany**

Mino ihany aho fa avy any amin’i Rolly Mercia (eo ankavia indrindra io ambony io), ilay nodakana dia nantsoina indray ( hafa ny azy ny tena tarigetra , tsy omen-tsiny), ilay hevitra. Inona hoy ianareo? Efa ho efatra taona be izao, taorian’ny naha filoha an’i Hery vaovao, vao hoe azavaina, hono, ny fomba fiasan’ingahy filoha, izay
*« tsy mety mipaka eny amin’ny Malagasy tsirairay »*
e!

Dia mividy pejy iray manontolo amina gazety eto an-toerana mihitsy anie mba hanazavana izany e! Asa raha voavakinareo io ambony io fa raha izaho manokana, aminy maha olom-pirenena malagasy nifidy azy dia tsotra: tsara fa tara! Toa vao maika koa mandetika ity filoha ity ao anatin’ny tontolon’ny lainga tsara lahatra ilay izy.



Présidence de la République de Madagascar a ajouté 7 photos. **H ... sahala amin’ny Hery**
4 h

Nihaona tamin'ny mponin'Antsiranana ny Filoha Hery Rajaonarimampianina.

Teo amin'ny Lapan'ny tanànan'Antsiranana no nihaona ny Filoham-pirenena sy ny vahoakan'ny DIANA. Tamin'izany no nanambarany fa Hatao tanàna fitaratra i Antsiranana ary Hatao tsara iainana sy maha-te honina. Hamboarina ny lalana Ambilobe-Vohemara, Ambanja-Antsiranana, Antsiranana-Ramena sy ny maro Hafa, hoy ny Filoha. Hovahana ny olan'ny famatsian-drano, indrindra ny ao Anivorano. Hanamboarana toeram-pilalaovam-baolina sy seranam-piaramanidina vaovao ihany koa i #Antsiranana.

Eo amin'ny tontolo ambanivohitra dia nilaza ny Filoha fa efa maro ny famatsim-bola avy amin'ny Vondrona Eoropeanina enti-manatsara izany.

http://www.presidence.gov.mg/antsiranana-inaugurations-din…/

**Tsy mahalala na tsy mahatadidy? Ny "H" na Haitso dia milaza zavatra mbola ho atao. Izany hoe mbola any an-kibon'omby mandrapaha-tontosany. Mazava izany fa fsy ampy an'i Hery vaovao ny dimy taona Hanatontosana ireo. Ka dia miomana daholo fa hilatsaka ingahirainy ary hiditra amina zava-doza indray ny firenena malagasy. Satria hala-bato *"en vrac"* no hitranga...**

Ny tokony ho izy anie dia tsotra e. Iza no nifidy azy? Tamin’ny alalàn’ny inona ary mitoetra eo amin’inona? Ny vahoaka no nifidy azy tamin’ny alalàn’ny fifidianana voafaritry ny Lalampanorenena. Io farany io no nanaovany fianianana fa ho hajainy sy tandremany toa ny anakandriamaso. Ary izy izany dia mpiasan’ireo vahoaka ireo izay NAMPINDRANA ny fahefana

azy satria ny vahoaka ny Andriamanjaka *(«Le peuple souverain»*).F'inona no teo, nanomboka tamin'ny andininy faha-54?

Ka aiza ho aiza ao anatin’io dokam-barotra io ary no misy hoe niera tamin’ny vahoaka izy, (amin’ny alàlan’ny solombavambahoaka) tamin’ny nanaovany ireo fifanarahana manome vahana ny vahiny, mba tsy tenenina hoe nivarotany ny tanindrazana iombonany fa tsy lovan'ny ray aman-dreniny? Tsy misy fierànа fa mandeha any ivelany tsy mampilaza, miverina eto tanindrazana toa mpangalatra, na olona nanao ratsy, ary avy any vao milaza fa nanao izao sy izao amin’ny anaran’ny vahoaka malagasy.


Notaomina tamina fiara be sy 4X4 ireo mpianatra ao amin'ny Oniversiten'Antsiranana, hanotrona ny Filoha

Amin’ny teny frantsay moa dia hoe *«Le pédagogue incompris»*. Izany hoe ilay mampianatra saro-pantarina. Ka tsy mampianatra anie na mpikaonty volan’olona no nilain’ny vahoaka malagasy fa mpitondra firenena manaja ny Lalampanorenana e! Tsapa ao ambony ao va efa alam-bahoaka tanteraka izy dia misy mampandroso hevitra diso hanadiovan-tena. Raha tsy izany ve tsy ho taomina amina *« camion »* ny mpianatra tany Antsiranana e? Fa Firy koa moa ny Malagasy mahavidy gazety amin’izao vary efa 3.000 ariary Mahery ny kilao? Ny vidin'ny lasantsy aoka fotsiny... Revin-gadra ny anareo ao ambony ary mampibaribary fa tsy hitanareo ny anaovana ny volam-bahoaka.



[illegible]